# Tokantrano nahazo fiarovana : noraisim-potsiny teo an-tokotany ilay jiolahy 6

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 3 jolay 2018 Laharana 783
Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Ohabolana 1: 7** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


## Kianjan'ny 13 mey, TIM 3
# Tsy matahotra ary vonona hiatrika fifidianana



## Mondial 2018 4
# Ireo ekipa manana rijiky hiakatra 1/2-dalana



**LOZAM-PIFAMOIVOIZANA, ARIVONIMAMO** 2
Nankahery ireo niharan-doza Ravalo sy ny ben'ny tanàna



**Pety Rakotoniaina** 2
Rajoelina no namotika ity firenena ity

**Fanabeazana** 2
Tsy raharahian' ny fanjakana

**Habibian'ny dahalo** 6
Niampatrampatra ny faty tany Ikalamavony

**Daka kely**
Tena manararaotra miraozy faramparany marina nareo Ra-force a !

**Fanaovan-gazety** 3
Nodimandry ny mpanao gazety Maurice Tsihiavonana



LOZAM-PIFAMOIVOIZANA, ARIVONIMAMO

# Nankahery ireo niharan-doza Ravalo sy ny ben'ny tanàna



*Ilay loza mahatsiravina tany Andranomena Arivonimamo.*

Nankahery ireo naratra sy nitondra teny fampiononana ireo nanana ny namoy ny ainy noho ny lozam-pifamoivoizana ny alahaady teo, tany Andranomena Arivonimamo, pk 40, ny filoha Nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana sy ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana; niaradia tamin'izy ireo tamin' izany koa ny ministry ny Indostria Guy Rivo Randrianarisoa sy ireo Parlemantera TIM. Tamin' izany no nitondran'izy ireo izay voatsirambin'ny tanana ho fanampiana ny fianakavian'ireo naratra noho izao lozam-pifamoivoizana izao, sy faodranomaso ho an'ny fianakavian'ireo maty tamin' ity loza ity, izay niisa efatra (04). 43 ireo maratra tsaboina ao amin'ny HJRA Ampefiloha, 15 no tsaboina any amin'ny Hopitaly any Arivonimamo. Kamiao mpitatitra mankany Manalalondo Arivonimamo no niharan-doza tao Andranomena, latsaka tao anaty ranon'lombifotsy ilay Karandalana rehefa niala omby, nahatonga izao loza mahatsiravina izao. Tsy misy azo hambara noho izao lozam-pifamoivoizana izao hoy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana afa-tsy ny tokony hitandreman'ny mpitatitra hatrany, tokony ho hentitra ihany koa hoy izy ireo mpitantana ireny kaoperativam-pitaterana ireny amin'ny fitandroana ny ain'ny olona. Raha nanontanin'ny mpanao gazety mahakasika ny fahitany ny datim-pifidinana filohampirenena efa nivoaka ny Filoha Marc Ravalomanana dia nanambara fa mbola tsy mifantoka amin'izany aloha ny sainy fa ny fiatrehana ireo niharan-doza aloha no mahamaika. Hetahetan'ny fianakavian'ireo niharam-boina ny hanamboarana ny lalana Manalalondo satria ny lalana ratsy ihany koa hoy izy ireo no fototry ny loza toy izao ho an'ireny kamiao mpitatitra olona ireny. Ho jerentsika ny mahakasika izany fanamboaran-dalana izany hoy i Dada nampanantena azy ireo.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Tsy raharahian'ny fanjakana ny resaka fanabeazana eto Madagasikara

Roa volana mahery izao no nikatso ny fampianarana eto Madagasikara , saingy ny mahagaga dia samy mitazana avokoa ny rehetra . Raha miaramila na zandary no manao fitakiana ka milaza fa tsy handray baiko na koa tsy hiasa, dia eo no ho eo ihany dia mivaly ny fangatahana ataon'izy ireo. Tsy hoe akory manome rariny ny mpampianatra raha miteny izany, fa mampitaha kosa ny zava- misy eto amin'ny firenena dia lasa ihany ny saina . Tandindonin'ny taona fotsy ankehitriny ireo mpianatra , indrindra fa ireo hanala fanadinana CEPE, BEPC, BACC , raha mitohy izao olana mahazo ny fampianarana izao . Raha ny tokony ho izy dia misy ny fitakiana azo valiana amin'izao fotoana izao raha misy ny finiavana eo amin'ny fanjakàna. Ny mpampianatra koa etsy andaniny afaka miandry ny fotoana mampety ny hamalian'ny fanjakàna ny hetahetan'izy ireo fa tsy adala akory araka ny nambaran'ny solontenan'izy ireo . Koa eto dia any amin'ny fanjakàna ny baolina satria any aminy ny lakile hamahàna ity olan'ny mpampianatra mpanabe ity , ka asa raha hanao be marenina ihany amin'ny fitakian'ireto farany ny mpitondra.

***Helisoa***

Pasitera Olivier R.

# Fanorenana ifotony no vahaolana amin'ny krizy politika amin'izao



*Pasitera Olivier R., mpandinika ny raharaham-pirenena.*

Milaza ny fahiatany ny vaha-olana momba ny olana politika misy eto amintsika amin'izao fotoana izao I Pasitera Olivier R., mpandinika ny raharaham-pirenena. Ny fihavanana, sy fitantanana, ary ny rafitra sy ny fitsipika mazava, hoy izy dia ny fanorenana ifotony no vaha-olana tsara indrindra. Ambarany fa tsy maika ny fifidianana, fa ny maharary ity firenena ity amin'izao fotoana dia:

- mila fanitsiana ny lalampanorenana.
-mila hapetraka ny dinam-pokonolona.
-mila mazava ny fitsipika amin'ny fifidianana; tsy ekena hoy izy ny tsy maty manota, ny famatsiam-bolan'ireo kandidaha mpilatsaka ho fidiana dia tokony ho fantarina hoe: taiza? hoatrinona ? hialana amin'ny fivarotana ankolaka ny tanindrazana, sy ny harem-pirenena, fanjanahana ankolaka sy fivarotana ny tanindrazana ankolaka. Tsy hametraka fitoniana sy fihavanana, mihintsy raha tsy mandray fepetra fanorenana ifotony na "refondation"", hoy izy.

***Ny Valosoa***

Faritra Boegny

# 20 andro no nanamarihana ny fetim-pirenena



*Nandray anjara tamin'ny fankalazana ny fetim-pirenena ny tanoran'i Mahajanga.*

20 andro teo no natokan'ny Prefektiora sy ny Faritra Boeny ary ny Kaomina an-drenivohitr'i Mahajanga, niaraka tamin'ny Komity mpanomana, nankalazana ny Fetim-pirenena 26 Jona 2018 tany Mahajanga. Diaben'ny fahafahana narahina Zumba no nanokafana izany nanomboka ny Zoma 08 Jona. Nandraisan'ireo mpiasa miankina na tsia, mpianatra sy fikambanana anjara, notarihin'ny Préfetsy ny Lehiben'ny faritra ary ny Ben'ny Tanànan' i Mahajanga. Tao anatin'izay 20 andro izay ihany koa dia nisy ireo fifaninanana ara-panatanjahan-tena, kermesin'ny Foloalindahy, ny vavaka iraisam-pinoana kristiana ankilany ary silamo andaniny. Ny 25 jona maraina dia nisy fizarana mari-boninahitra ho an' ireo mpiasa isan-tsokajiny miisa 98 mianadahy tao amin'ny Tranoben'ny Kolontsainan'i Mahajanga. Notohizan'ny Lehiben'ny faritra tamin'ny fizarana sakafo hoan' ireo voafonja ao Marofoto, ireo zazavavy tsy misy mpiahy tezaina ao amin' ny foibe FAWE Mahajanga ao Mangarivotra ary ireo zaza nania tezain'ny Fitsarana sy ny Akany Anjarasoa eny Amborovy. Vary, lojy, hazan-drano, siramamy, ireo no natolotry ny Faritra Boeny tamin'izany. Ankoatra ireo dia nahazo anjara tamin'ny fizarana nofon-kena mitam-pihavanana ihany koa ireo mpiasan'ny Faritra natolotry ny Lehiben'ny faritra ny andron' io. Ny hariva dia nisy ny fampisehoana Mitabe nataon'ny mpianatra voafantina tao amin'ny Kianja Rabemananjara. Notohizana tamin'ny fizarana harendrina sy ny fanaovana "retraite aux flambeaux", niainga teo anoloan'ny Lapan'ny tanàna ary nizotra tany amin'ny Village touristique, eny amoron-dranomasina, toerana nanapoahana ny afomanga izay naharitra adiny iray teo. Matso lehibe ny maraina niarahan'ny Foloalindahy sy ny mpiasa, ny mpianatra sy ny fikambanana teo ary fampisehoana niarahana tamin'i Melky ny hariva, izay samy teo anoloan'ny Lapan'ny tanàna no nanakatonana ny fankalazana ny fetin'ny faha-58 taonan'ny Fahaleovantena tany Mahajanga ny Talata 26 Jona 2018.

***Isambilo***

Pety Rakotoniaina

# Rajoelina no namotika ity firenena ity

Mahakasika ny fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana efa ataon'ny filohan'ny tetezamita teo aloha, izay filohan'ny mpanongam-panjakana tamin'izany fotoana ihany koa, Andry Rajoelina, milaza ny heviny momba izany ny filohan'ny antoko politika Tambatra, Pety Rakotoniaina. I Andry Rajoelina hoy izy no namotika ity firenena ity, asaivo hazavain'i Andry Rajoelina hoy ity mpanao politika ity, ahoana no nahazoany trano any Dubaï, any France, any Maurice nefa talohan'ny niakarany teo amin'ny fitondrana tsy nanana an'ireo izy. Miantso ny Bianco sy Samifin izy hanao fanadihadiana momba izany, sy ny loharanom-bola nahavitany an'ireo. Ny tsy ankanesany eny amin'ny 13 mey hoy Pety Rakotoniaina dia efa fantany mialoha fa hisy andian'olona hamadika ny tolona ao, porofo hoy i Pety, rehefa azon'ny Mapar ny zavatra nilainy dia navelany ny tolona, na ny fankasitrahana ny vahoaka teo amin'io kianja manantantara io aza tsy nataon'ireo depiote Mapar sy ny Mapar hoy ity olom-boafidy teo aloha tany Ikalamavony ity.

***Ny Valosoa***



*Ny filoha nasionalin'ny antoko Tambatra, Pety Rakotoniaina.*

### KIANJAN'NY 13 MEY, TIM

## Tsy matahotra ary tena vonona hiatrika fifidianana

Mitohy hatrany ny tolona ho an'ny fanovàna ataon'ny vahoaka sy ny depiote TIM eo amin'ny kianjan'ny 13 mey satria mbola tsy tody hatramin'ny farany ny fanovàna notakiana teto amin'ny firenena, araka ny nambaran'ireo nifandimby nandray fitenenana tao an-kianja, tsy hoe rehefa mahazo toerana dia miala amin'ny tolona. Mbola tonga mavitrika miatrika ny tolona hatrany ireo sendika, nanambara izy ireo fa hitohy hatrany ny tolona ataony na mifarana aza ny eo amin'ny 13 mey satria ny tolona atao tsy ho vita iray andro hoy ny mpitondra teniny. Nisaotra ny depiote Tiako i Madagasikara (TIM) ireto farany tsy niala fa mbola manohy ny tolona hatrany na dia efa manana minisitra ao anaty governemanta azy izy ireo. Ny solombavambahoaka Hanitra Razafimanantsoa raha nandray anjara fitenenana dia nanambara mazava fa tsaho no naelin'ireo onjampeo mpomba ny fitondràna nilaza fa najanon'ny filoha Marc Ravalomanana ny tolona ho an'ny fanovàna eo kianjan'ny 13 mey. Nahitsy ny depiote Hanitra Razafimanantsoa fa izay tsy mankaty amin'ny 13 mey dia tsy manjo hiteny sy hanely tsaho fa mijanona ny fitakiana ataontsika ety an-kianja hoy izy. Mbola marobe ny zavatra angatahina raha tena fifidianana eken'ny rehetra sy tsy hampisy korontana no hatao eto Madagasikara. Ny fitakiana ataon'ny sendika mbola tsy misy valiny hatramin'izao. Fa ankoatra izay, mikasika ny resaka fifidianana dia nanambara mazava Me Hanitra fa vonona amin'ny fifidianana ny antoko Tiako i Madagasikara na inona na inona mitranga. Noho izany mila miomana isika hiatrika izany satria mbola maro ny fepetra ahatongavana amin'ny fifidianana madio ary mbola tsy tanteraka ireo. Mila misolo ireo sefom-pokontany napetrapetraka izay fositra tamin'ny lisi-pifidianana tsy mandeha amin'ny tokony ho izy. Mila sefo-pokontany fidimbahoaka fa tsy izay mampetipety ny fitondràna HVM no apetraka amin'ireny toerana saro-pady ireny. Matoa isika mijoro mitolona hoy ny mpandahateny dia mba mijery lavitra fa tsy manao zavatra tandrametaka tahaka ny misy amin'izao. Fehiny, tsy matahotra ny fifidianana ny Tiako i Madagasikara, ny olona tohananay hoy Me Hanitra dia hanatanteraka fanovàna tena izy fa tsy mitsoa-pahana ohatra ny sasany rehefa mahazo toerana. Mitohy anio ny tolona eo amin'ny kianjan'ny 13 mey, araka ny toromarika avy amin'ireo depiote dia ny tolak'andro manomboka amin'ny 2 ora no manomboka satria maro ny tolona miandry hatao ny tapak'andro maraina.

***Helisoa***

### FANAOVAN-GAZETY

## Nodimandry ny mpanao gazety Maurice Tsihiavonana

Nodimandry omaly ny mpanao gazety mpamakafaka politika Maurice Tsihiavonana. Mpanao gazety ary Talen' ny famoahana eo anivon'ny onjam-peo sy fahitalavitra On Air Radio no toerana notazoniny farany mialohan' izao fodiamandriny izao. Raha tsiahivina araka ny vaovao niparitaka tamin' ny tambazotran-tserasera fa efa nisy tapabolana teo izay no naiditra hopitaly ny tenany, ka izao nitarika ny fahafatesany izao. Nanombohan'i Maurice Tsihiavo- nana ny asa fanaovan-gazety ny tao amin'ny Radio Tsioka Vao tamin' izany fotoana izany, sy ny fandaharana fanadihadiana politika nataon' izy sy ny minisitra amin' izao fotoana Pierre Holder, tamin'ny fandaharana Lambanana tao amin'ity Radio tsy miankina ity, izay may noho ny hetsi-bahoaka tamin' ny taona 2002. Efa na-nao fandaharana fanadihadiana tao amin'ny MBS Radio koa izy, tao amin'ny Radio Antsiva, ny Radio Viva, ary ny farany izao dia tao amin'ny On Air Radio. Mirary fiononana feno ho an' ny vady aman-janany, ny fianakaviany, ny mpiaramiasa rehetra ny eto amin'ny gazety Ny valosoa Vaovao.

***Helisoa***



*Ny mpanao gazety Maurice Tsihiavonana.*

### Fifidianana filoham-pirenena

## Ho kandidà koa i Dama atolotry ny Valimbabena

Ho kandidà amin'ny fifidianana Filohampirene-na hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao koa i Dada amin'ny tarika Mahaleo, ny fikambanana politika Valimbabena no hirotsahany amin'izany. Tamin' ny alalan'ny lanonana ankalamanjana tetsy amin'ny CCESCA Antanimena no nanambaran'i Dama izany firotsahany hofidiana izany. Nambarany fa nandray izao fanapahan-kevitra izao izy noho ny sonia maro izay azony, mangataka azy hirotsaka amin' izany hazakazaka ho eny lavoloha sy Ambohitsorohitra izany. Nisy ihany koa solon-tena avy any amin'ny faritra sy artista manohana izao firotsahan-kofidian'i Dama, na Rasolofondrasolo Zafimahaleo izao. Nitso-drano azy ny tarika Mahaleo izay misy azy. I Dama dia manam-pahaizana momba ny fiaraha-monina, efa depioten'Antananarivo sy Ambatofi- nandrahana izy teo alo-ha. Nandritra io fotoana io no nanazavan'I Dama ny momba ny Valimbabena, fotoana izao hoy izy hitondrany izay va-lim-babena izay ho an'ny tanindrazana. Manana fandaharan'asam-piarahamonina izy, izay nambarany fa ho vahava- hany mandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra rehefa tonga izany fotoana izany ny volana oktobra sy novambra ho avy izao.



*I Dama ny sabotsy teo tetsy Antanimena.*

***Isambilo***

### Mpanabe Vakinankaratra

## Mitohy hatrany amin'ireo distrika manodidina ny grevy

Tsy ny eto Antsirabe ihany no mitokona ny mpampianatra fa hatrany amin'ireo distrika manodidina ihany koa. Ho an'ny distrikan'Antanifotsy dia nanao fanentanana tamin'ny radio ireo sampana "Mandatehezan'ny Fanabeazam-pirenena", ka nanao tatitra ny hevitra iombonan'ny mpampianatra rehetra ato amin'ny Cisco Antanifotsy izay fitinina amin'ny hoe: "Mihamafy ny tolona mandra-pivalin'ny fitakiana, ary tsy mitsahatra raha tsy tratra ny tanjona" ary ankoatra izay dia tonga tamin'ny hoe: "mialà ny minisitry ny fanabeazam-pirenena rehefa tsy mahavaha olana fa be ny mpampianatra mahafeno ny fepetra ho minisitra ary afaka mamaha olana". Nitovizan'ny rehetra hevitra ny filazana fa "manam-bola afaka mamaha ny olan'ny fanabeazana ny fanjakana fa ny mpitondra mihitsy no tsy miraharaha sy manambany ny fanabeazana eto Madagasikara, satria vao nitokona ny fitaterana dia niraraka ny 1,8 miliara Ar namahana ny olana. Vao nanao fitokonana fanairana ny Seces dia lazaina fefa ao ny vola fa fandaminana ny fizarana azy sisa. Namafisin'izy ireo fa amin'ny volam-bahoaka no angatahin'izy ireo ny vola takiany fa tsy volan'ny minisitra manokana, ary fitakiana efa nekena tamin'ny taona 2016 io, fa ny fampiharana azy no andrasana! Tonga hatrany amin'ny filazana fa: "manana vola 19,750 miliara Ar nozaraina teny amin'ny Hotel Paon d'Or ny fanjakana fa tsy manana vola hanaovana ny indemnité 90 Ar sy ny volanjaza 200 Ar ny mpampianatra, hoy ireo mpanentana! Ho antsika ray aman-dreny, ny mpampianatra Fram sy ny bénévoles dia tsy rariny sy tsy ara-dalàna satria araka ny lalampanorenana, dia milaza fa: "ny fanjakana no mandrindra ny fampianarana ny zana-bahoaka, maimaimpoana izany ary natao ho an'ny rehetra", kanefa ny ray aman-dreny no mizaka ny karaman'ny mpampianatra Fram, kanefa dia asam-panjakana no ataony? Efa mandoa hetra isan-karazany ny vahoaka ka tsy tokony handoa vola intsony amin'ny fiantoaha ny fampianarana amin'ny fanjakana, hoy hatrany ny fanentanana nambaran'ireo mpampianatra ireo, ary namafisin'izy ireo fa ny fi- voriana tsy ara-potoana iray ho an'ny depiote dia mahalany 350 tapitrisa Ar, ka ahoana no tsy ahitana vola ho an'ny mpampianatra.

***Lezama***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mitaky ny hamerenan-dRajoelina ny vola azony tamin'ny bois de rose i Maroantsetra





**Georges Bemazava :** Fampielezan-kevitra mialohan' ny fotoana an' i Andry Rajoelina: nitaky ny hamerenana ireo vola azony tamin' ny fanondranana andramena na bois de rose fony tetezamita ny mponina ao Maroantsetra. Raha nieritreritra ny hamitaka olona amin' ny balarora i Andry Rajoelina tao Maroantsetra dia notsenainy mponina tamin' ny siotsioka ny tenany, tsy vitan' izay fa nilanja sora-baventy ihany koa ireo mponina tao an-toerana ary nitaky tamin' ity Filohan' ny tetezamita teo aloha ity ny vola azony tamin' ny fanondranana andramena tamin' ireny fotoana nitondrany ireny. Nilaza ihany koa izy ireo fa taiza i Andry Rajoelina fony nitondra ny firenena tsy tazana mba nitsidika nanampy ny tao Maroantsetra.

**Martin Rakotonjanahary** Fa heverin'ialahy fa vendrana daholo mantsy ny olona ry le andry kely. Aiza koa ny 100 millions de dollars azo tany Soalala?

**Jean Erband Rakotomanga** : An-dry zareo hono ilay bois de rose? Nambolendreo moa izy io?

**Martin Rakotonjanahary :** misimisia ny tahaka izao, satria **mpanongam-panjakana, mpamita-bahoaka.**

**Ramaroson Andria'Njaka :** Ampy azy tsara zay, Boakely mpandainga, mpanimba firenena.

**Ahmad :** taty Antsohihy koa, tsy nahazo olo koa i Andry Rajoelina, na nisy artiste Tsiliva aza. Aoka tsy ho voafitak'i Andry isika à Tana any.

**Honoré Rabefitiavana:** tsy adinon'ny vahoaka ny namotehan-dRajoelina ny firenena depuis 2009 ka hatramin'ny 2014, famotehana tamin'ny lafiny rehetra mihitsy: toekarena, sosialy, toetsaina, fanabeazana samba avokoa.

### TONONKALO

## RY MPITONDRA BEMARENINA O !

Aiza ianao no hahita vola homena iretsy mpanabe,
Satria nandrasana hivangongo ireo karazam-pitakiana ?
Moa i Madagasikara no kasaina hamidy ve ?
Sa mbola hisambo-bola indray f'izay no hampisy fitoniana ?

Iretsy mpianatra , jereo , tsy vitsy no mirenireny,
Tsy marisika intsony f'efa maro no nijanona.
Tsy azony antenaina intsony ny filoham-pireneny,
Ny sekoly raha izao dia tsy hamokatra olom-banona.

Iretsy ray sy reny maro , lany vola tamin-janany,
Toa misento sesilany , very ny fanantenàny !
Tena maizina tanteraka ny hoavin' ny taranany,
Fa mpitondra tsy mahomby no mikiribiby hatrany.

... O ry hery vaovao o ! nopotehinao tanteraka
Ny tontolom-panabeazana eto Madagasikara.
Iretsy mpanabe , jereo, fa efa maina sady reraka,
Koa mialà izao dia `zao f'izay no mety sy hahatsara .

***DADAN`i ZINA (Jona 2018)***

MONDIAL 2018

# Ireo ekipa manana rijiky hiakatra amn'ny 1/2-dalana

Tsy toy ny mahazatra tahaka izay niseho tao anatin'ny 20 taona farany ny mitranga amin'ny Mondial andiany faha- 21 any Rosia amin'izao fotoana izao, satria tany aloha dia saika tafita any amin'ny ampahefadalana (1/4-dalana) ny ankamaroan'ireo ekipa izay nosokajiana fa goavana hatramin'izay , anisan' izany ohatra ry Allemagne , Argentine , Espagne , Portugal. Tsy izany intsony no mitranga amin'izao fotoana izao fa ireo ekipa izay notanisaina ireo dia samy efa nangoron'entana avokoa . Tsy tokony hohadinoina koa fa i Italie sy Pays Bas aza tsy niatrika akory ny Mondial any Rosia . Ny dikan'izany dia tsy misy ekipa azo hamaivanina mihitsy amin'izao fotoana izao raha ny resaka baolina kitra no resahana . Ankoatra an'i Rosia mpampiantrano izay manana tombony satria milalao eo amin'ny taniny dia tsy azo hamaivanina i Croatie satria tafita any amin'ny ampahaefadalana . Ny ekipa avy aty amin'ny kaontinanta Afrikana mandritra izany dia tsy lasa lavitra ny ankamaroany, izay midika fa mila miezaka mafy satria azo atao tsara ny mahazo vokatra ambony amin'ny baoina kitra . Mbola misy kosa anefa ny ekipa izay tafiditra ao anatin'ny Top 10 amin'ny filaharana napetraky ny FIFA no misongadina ka anisany ny Frantsay . Ho an'ny mpitia baolina kitra Malagasy dia maro no mametraka ny fanantenany amin'ny Tricolore Frantsay amin'ity Mondial any Rosia ity noho ny fananan'izany ekipa Frantsay izany mpilalao sangany toa an'i Mbappe izay tanora vao 19 taona monja kanefa nahatafiditra baolina 2 tao anatin'ny ampahavalondalana . Miresaka an'i Mbappe avokoa ny gazety any ivelany amin'izao fotoana izao . Fantatra fa mitovy amin'ny hafainganam-pandehan'ilay Jamaikana Bolt ny nataon'i Mbappe nandritra ny fampidiram-baolina tamin'ny fihaonana tamin'i Argentine. Mety ho mora amin'i Frantsa ny mizotra mankany amin'ny fibatana ny amboara satria tsy eo intsony ny ankamaroan' ireo ekipa mpanelingelina azy toa an'i Allemagne sy Argentine ary Espagne, saingy na izany aza dia mbola taolana ho an'ny Frantsay i Uruguay izay hifandona aminy mandritra ny Ampahaefadalana. Fa anisan'ny ekipa tsara amin' izao mondial izao ihany koa i Uruguay sy i Cavani, i Rosia mpampiantrano dia samy manana rijiky hiakatra amin'ny manasa-dalana na 1/2-dalana ihany koa, toa an'i Belgique, Croatie, Brésil koa izay tafavoaka dia afaka manana vintana hiakatra amin'ny 1/2-dalana. Ny zoma sy ny sabotsy izao no hanatanterahana ny 1/2-dalana amin'ity Mondial 2018 ity.



*Mbappe sy Griezman, anisan'ny kintan'ny baolina kitra Frantsay amin'izao.*



*Cavani , kintana Uruguayana.*



*Thiago Silva, kintana Breziliana, ankoatra an'i Neymar.*



*Igor Akinfeev, mpiandry tsatokazo Rosiana, nanavotra an'i Rosia tamin'ny fihaonana tamin'I Espagne.*

**Rina Rabemananjara**

## Sakafo Ny Valosoa



**Totokena sy poivron** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetintsika androany. Azo ampiana saosy voatabia sy tongolo ihany koa izany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana, anana izay tiana, lasary karaoty na voatabia ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba famerenana fadimbolana tratra aoriana

Mamerina fadimbolana na "règle" tara ho an'ny vehivavy. Marihina fa tsy fanalana zaza akory izy ity ary tsy mahazo mihinana an'ireo voalaza raha mitondra vohoka, tsaratsara kokoa manao "test de grossesse" alohan'ny hihinanana azy raha ahiana fa ho bevohoka. Maro ny antony mahatonga ny fadim-bolana tsy handeha, ankoatra ny vohoka sy ny fitsaharam-pitsaihana:

- Fampiasam-batana mihoatra ny tokony ho izy,
- Mihamahia tampoka,
- Rarin-tsaina be loatra,
- Fiatoana tamin'ny fanabeazana aizana.

Persily sy tantely: ireto zava-pisotro ireto dia afaka manosika ny fiverenan'ny fadimbolana. Marihina anefa fa raha tsy miverina ny ampitson'io ny fadim-bolana dia aleo manatona dokotera avy hatrany.

- Fomba voalohany:

Mila persily ½ fehezana sy tantely 1 sotro. Diovina tsara aloha ny persily ary tetehina lehibebe ny raviny. Arotsaka ao anaty kaserôly ny raviny voatetika ary asiana rano sahabo ho 2 vera. Ketrehina tsara ary avela hangotraka sy mpandrapivadihan'ny lokon'ny rano ho maitsomaitso. Tantavanina ary arotsaka ao anaty tasy. Mamiana amin'ny tantely ary sotroina in-2, maraina sy hariva.

- Fomba faharoa:

Mila tamotamo "curcuma" 1 sotrokely, ranon'ny antsasaka voasarimakirana, tantely 1 sotro fihinana, ary vaingana lagilasy. Arotsaka ao anaty rano mangatsiaka 1 vera ny vovoka tamotamo. Avela hilona kely 5 minitra eo ho eo aloha ary rarahana ranom-boasarimakirana sy tantely ary vaingana lagilasy. Sotroina in-2 ao anatin'ny 1 andro, maraina sy hariva..

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Antsiranana na Diégo Suarez



Ny tanànan'Antsiranana na Diégo Suarez indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny faritra Diana (Diego, Ambanja, Nosy-Be, Ambilobe) izy. 4 taona lasa izay dia teo amin'ny 257163 no isan'ny mponina tao Antsiranana. Ny seranan-tsambon'Antsiranana no seranana lehibe indrindra any amin'ny tapany avaratr'i Madagasikara iny. Eo amin'ny Cap d'Ambre na Taonjona Bobaomby no misy ny tanànan'i Diego. Ny Baie n any helodranon'Antsiranana dia misy 4:

- la baie du Tonnerre,
- la baie des Cailloux Blancs,
- le Cul de Sac Gallois,
- la baie des Français.

Tobim-pamaharan'ny tafika Frantsay tao tamin'ny fanjanahantany. Ahitana ny Nosy Lonjo eo amin'ny Helodranon'Antsiranana. Ny nahatonga ny anarany dia noho ny fahitan'i Diogo Dias sy Fernan Soares azy. Na koa ny fahitan'ilay tantsambo portage Diego Suarez azy, tamin'ny taona 1543. Ny anarany tany aloha dia Antomboko, ny dikany dia voalavaka, noho ny fahitana ilay Helodrano mirefy eo amin'ny 156 km. Ny helodranon'Antsiranana no faharoa lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ao aorian'ny any Rio de Janeiro any Brezila. Tamin'ny taona 1970 tany no niova ho Antsiranana ny anarana, rehefa nogasiana avokoa ny anaran-tanàna teto amintsika, tamin'ny Repoblika faha-2. Teo am-pelatanan'ny anglisy ny tanàna ny 5 mey ka hatramin'ny 7 mey 1942, tamin'ny ady lehibe faha-2. Naverin'ny anglisy tamin'ny Frantsay i Diégo tamin'ny taona 1946. Noho izay antony izay, misy mihitsy any an-toerana, fasan'ireo miaramila Anglisy tamin'izany fotoana izany. Tamin'ny taona 1900 ny jeneraly Frantsay Joffre no tonga tany, ary misy tsangambatony ao amin'ity tanàna ity antsoina hoe Place Joffre. Any 20 km miala an'Antsiranana no misy ny tanànan'I Joffreville, ho fahatsiarovana ity jeneraly Frantsay ity ihany. Niverina tamin'I Madagasikara ny fitantanana azy tamin'ny taona 1960, ny 3 jona 1974 no niala tao ny tafika an-dranomasina sy ny tafika Frantsay. Ny tena mponina ao dia Sakalava-Antakarana, fa hita ao avokoa ny foko rehetra eto Madagasikara, be karana sy kaomoriana koa any. Manana seranampiaramanidina iraisam-pirenena koa Antsiranana, antsoina hoe Arrachart.

## NY TENY FIAINANA

*Lioka 10 : 9*
*Ary sitrano izay marary ao, ka lazao amin'ny olona hoe: efa mby akaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra.*

### Ohabolana 1: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao

***Ohabolana 1: 7 "Ny fahatahorana AHY JEHOVAH no fiandohan' ny fahalalana, fa ny adala manamavo ny fahendrena sy ny famaizana."***

Saro-pantarina ny lâlako ary azo vonjena tsara ny mino. Tezitra ny tany ka feno fiovan-javatra sy faharavana. Toy ny tsy hahalalanareo ny SORATRA sy ny dikany no tsy hahafantaranareo izay hitranga eo aminareo, ary izay anefa dia isam-pirenena.



Ao amin' ny mpaminany AHO no manoratra, fa FOMBAKO izany ary tsy misy olona na iray akory aza afaka manakana AHY ny amin' izany, nohon' ny FITIAVAKO fa izany koa AHO JEHOVAH dia te-hahita ny voninahitro sy ny fahalehibiazako isam-pirenena AHO. Ka dia hoy AHO aminareo : "Aza miankina amin' ny FAHALALANAREO, FAHAIZANAREO, FAHENDRENAREO, aza matoky tena ary aza matoky HARENA na VOLA fa ireny dia mora levona sy mora lo ary mandalo ihany. Aoka ianareo hanana "ANTOKA" hoe: mahalala tsara AHY JEHOVAH sy matahotra AHY ary manompo an' I JESOSY Ilay nomeko anareo mba hanananareo fiainana be dia be, Jaona 10: 10b. Toy izao mantsy ny zavatra hitranga na tianareo na tsy tianareo : hifanondrotondro ny firenen-dehibe ary rehefa tsy mifanaiky fa hiombona sy hiaraka dia hisaraka ka samy haka ho azy. Andao hikambanana ny toy izao, ny toy izao fa e! e! e! tsy hita ihany izay marina, hitotongana ny harin-karena maneran-tany nohon' ny antony maro isan-karazany, betsaka ary marobe no ho very ASA sy hikaikaika nohon' ny fisondrotam-bidy, mihena ny tombontsoa ary esorina mihitsy aza, ovana ny lalàna, soloina andalana ny mpitondra, maro no tsy hanaiky izay voafidy eo amin' ny fireneny, hifangaro ambany masoandro ny zanak' olombelona ka tsy voafehy intsony izay tena tompon-tany sy vahiny. Ho maro ireo mpitondra fanjakana hametra-pialana nohon' ny zavamisy. Tsy tody amin' ny PROGRAMANAREO intsony ianareo olombelona fa toa vao maika reraka, toa vao maika sasatra. Miandry valiny mahafa-po fa vao maika mitombo ihany ny olana, misy foana ny ady, noana sy reraka ny olona. Izany rehetra izany tsy mifidy na firenena kely na firenena lehibe fa iraisan' izay monina ambany masoandro. Izao no TENIKO aminareo zanak' olombelona e! ary tsy an-kanavaka ambonin' ny tany izay. Izao no aza hadinoinareo, ianareo ihany no mihady lavaka sy hantsana hianjeranareo fa IZAHO ihany anefa no MPAMONJY. ASA MARINA no nataoko teo aminareo dia FAMONJENA, jereo tamin' ny andron' I Noa fa ny olona no niavonavona, tao Sodoma sy Gomora fa ny olona indray aza no saika hamono an' I Lota izay nirahiko hilaza famonjena sy fibebahana ary fahamarinana avy AMIKO. Tsy nijanona teo ny FAMONJEKO fa natsangako mihitsy ary dia naveriko ny FANJAKAKO tamin' ny andron' I Davida raha niady mafy izany izy, ary dia nomena an' I Solomona ny fitondrana izany FANJAKAKO izany. Indrindra moa fa ny nampidinako an' I JESOSY teo amin' izao tontolo izao. IZANY no FAMONJENA farany ka asakasakareo ry olombelona sy ry vazan-tany efatra fa antomotra ny andro sy ny ora. Izao no andro farany ka mba henoy ihany, mba raiso ihany andrao manenina ianareo. Izao no fotoana mbola ahazoana Famonjena sy famelan-keloka e! Hoy, Mika 7: 2 "Lany tsy misy amin' ny tany intsony ny tsara fanahy, eny tsy misy olo-marina ao amin' ny olombelona, samy manotrika handatsa-drà avokoa izy. Eny mihaza ny rahalahiny amin' ny harato izy rehetra." Tadidio fa zava-miafina aminareo avokoa ny zava-drehetra ka tokony miankina AMIKO JEHOVAH. Ny vahaolana voalohany omeko anareo dia I JESOSY. Raha voavalinareo ireto fanontaniako ireto dia mahavonjy tena sy firenena ianareo. Hono ho' AHO: Firy ny isan' ny havandra indray milatsaka? Lasa aiza ny aizina? Ary avy aiza ny mazava ary inona no resak' izy ireo? Mba lazao AMIKO hoe: firy ny isan' ny volon-dohanao? Firy ny isan' ny biby ao an' ala? Aiza izany Fiandrianako izany ary toy ny inona? Firy ny isan' ny kintana ary toy inona ny voninahiny sy ny asany ety ambony ety? Ahoana ny fandaminana misy eo aminy ary inona no asany eo aminareo? Santionany ihany ireo fa ianareo miverena AMIKO. Hoy ny Teniko, Amosa 5: 4 "Tadiavo AHO dia ho velona ianareo", Ohabolana 3: 7 "Aza manao anao ho Hendry, matahora an' I JEHOVAH ka mifadia ny ratsy.", Ohabolana 27: 1 "Aza mirehareha ny amin' ny ho ampitso fa na dia ny havoakan' ny anio aza tsy fantatrao", Jeremia 18: 11b "Koa samia miala amin' ny lalany ratsy avy ianareo ary ataovy tsara ny lâlanareo sy ny ataonareo" Tiako ny manambara aminareo hoe : na dia ao Madagasikara aza no miainga izao hafatra izao, tsy midika hoe tsy mijery ny firenen-kafa AHO. Jeremia 23: 23. Moa JEHOVAH ao Madagasikara ihany va AHO? TSIA! TSIA! Fa JEHOVAH an' ny firenena maneran-tany AHO. Ao amin' izany firenena izany AHO no manomboka ny ASA fanarenana lehibe maneran-tany ary tsy ho ela dia hataoko izany dia ho gaga izao tontolo izao raha ny zavamisy eo aminy ankehitriny. Ao ilay fifohazam-panahy farany no atomboko JEHOVAH. Hanakoako maneran-tany izany ka ho avy hitady AHY ao izao tontolo izao ka samy hahita ny Voninahitro sy ny Fahalehibiazako ary ny HERIKO sy ny FAHEFAKO. Araho tsy tapaka fotsiny izao HAFATRO izao. Ianareo variana miady fanjakana sy miady antrano fa IZAHO efa manomana ny hitsanganan' ny FANJAKAN' NY LANITRA ambany masoandro.

***Amen!***
***HALELOIA!***

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**

- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

### SENDIKAN'NY MPANABE

# Mitohy ny tolona na nisy aza ny fihaonana tamin'ny Praiministra



*Ireo mpanabe nanohy ny tolona nanoloana ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena tetsy Anosy omaly.*

Mitohy ny tolon'ny sendikan'ny mpampianatra eto Madagasikara, na nisy aza ny fihaonan'izy ireo tamin' ny Praiministra Ntsay Christian omaly, teny amin'ny Lapan'i Mahazoarivo. Ny zava-nisy teny omaly araka ny tatitry ny solontenan'ireo sendikan' ny mpanabe: nandray azy ireo ny Praiministra Ntsay Christian sy ny Ministry ny fanabeazam-pirenena Hora-ce Gatien, teny Mahazo- arivo, nanaovana ny dinika santatra. Efa tonga mialoha tao daholo ny olona be dia be tsy fantatra ny sasany ka nivoaka tamin'izany fa mba hampanjary ny dinika dia hisy solontena ho an'izay voakasika rehetra : ka ao anatin'izany ny Primatiora, ny ministeran' ny fanabeazam-pirenena, ny ministeran'ny asampanjakana, ny avy amin' ny ministeran'ny fitantanam-bola sy ny tetibola, ary olona 8 avy amin'ny mpanabe, voafidy tao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena ireo solontena ireo ka samy iray feo, aoka samy hifampatoky, mandram-pisian'ny vahaolana mazava dia mitohy ny tolona manerana an'i Madagasikara. Nilaza tamin'izany ny Praiministra fa ny vokatry ny dinika dia hoentin'ny Ministra amin'ny filan-kevitry ny ministra sy hoen- tiny amin'ny filankevitry ny governemanta. Milaza ireto mpanabe ireto fa masina ny Tanindrazana rehefa masina ny Fanabeazana ka omena ny hasiny ny Mpanabe. Mbola ahiana ihany arak' izany ny haha-taona fotsy amin'ity taona ity eo amin'ny sehatry ny fampianarana ankapobeny eto amintsika.

***Ny Valosoa***

### Lalam-pirenena faha-4

# Fantaro ireo toerana misy mpanakan-dalana

Raha lalam-pirenena anisan'ny nilamina teo aloha ny RN4 na ny lalam-pirenena faha-4, fantaro ary fa miha-maro amin' izao fotoana ireo faritra ahitana mpanakan-dalana amin'ny alina amin' iny lalana mianavaratra sy miankandrefana iny. Araka ny fanadihadiana sy ny vaovao azo, faritra ahitana mpanakana amin'ny RN4:

-anelanelan'Andranovelona ka hatrany Manerinerina.
-Beanana.
-Maromalandy.
-Andranomamy.
-Pont kamoro, misy manakana sy misy mitoraka.
-Pont Amboromalandy: misy mpamaha entana eny ambony porte baggage.
-Berivotra misy mpanakana.

Ankoatra izany, mila mailo ny mpamily fiarakodia mandeha amin' izany lalana izany satria betsaka fiholanana mahafaty:

-Anelanelan'Andranovelona sy Ankazobe.
-Mahatsinjo.
-Maevatanana ka hatrany Ambalanjanakomby.
-Andranofasika: tetezana anaty fiholanana, efa betsaka no efa taraiky teo.
-Berivotra.

Ny tena mety arak'izany raha handeha amin'ny RN4 sy RN6 iny dia ny mandeha maraina ihany fa tsy mandeha alina na misy miaraka aza.

***Ny Valosoa***

### Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Echantillon :** Santiona-ny. Ny santionany dia ampiasaina mandritry ny fanadihadina amin'ny se- hatra pôlitika na varotra.

**Ecole Nationale d'Administration Malgache:** Fampianarana ambony momba ny raharaham-panjakana malagasy.

**Egalité :** Fitoviana. Anisan'ny teny ao anatin'ny teny filamatry ny Repoblika frantsay. Ny fitovi-an-jo, ny fitoviana aratsôsialy izay midika fahafahan'ny rehetra mampiditra ny zaza an-tsekoly, mahazo fitsaboana mendrika…

**Electeur:** Mpifidy. Olona manana zo sy fahafahana mifidy. Ny eto Madagasikara, ny atao hoe mpifidy dia ny lahy na vavy manana zo sy fahafahana hifidy raha vao feno 18 taona ary manana zo hifidy.

**Electeurs ( grands):** Olomboafidy ihany no mifidy. Ny mpikambana ao amin'ny Antenimieran-doholona Malagasy, araka ny Lalampanorenana ankehitriny, dia fidian'ny olomboafidy. Torak'izany ny any Etazonia, ny Filohan'i Etazonia dia fidian'ny olomboafidy.

**Election:** Fifidianana. Mandritry ny fifidianana, mifidy ny ho mpitantana na ny solontenany ny olom-pirenena manan-jo hifidy. Avy amin'izany Fifidianana izany dia nifidy ihany koa ny firehan-kevitry sy ny programan'asa atolotry ny olona ho fidiana ny mpifidy.

**Elections présidentielles des Etats Unis:** Fifidianana ny filoha amerikana. Indroa miantoana ny fifidianana ny filoha amerikana. Ny voalohany, mifidy mivantana ny solontenany ny sarambambem - bahoaka ao amin'ny faritra tsirairay avy. Ny dingana faharoa dia ireo olomboafidy no mifidy izay ho filohan'i Etazonia sy ny filoha lefitra. Mandritry ny herin-taona izany.

Eligibilité: Fepetra ahafahana milatsaka ho fidina.

**Elite (du pouvoir):** Vondron' olona miafina avy amin'ny sehatra samihafa maromaro: ara-pôlitika, ara-toekarena, avy amin'ny tafika sy ny mpanao gazety miara mikaondoha mikasika ny fitantanana ny firenena. Tsy miasa irery ny olona ao amin'io vondrona miafina io fa maka torohevitra amina manampahaizana samihafa rehefa maka fanapahan-kevitra lehibe. Ny sehatra ao ambanin'io vondrona io dia ny mpanao pôlitika izay mitoetra any amin'ny antenimiera sy ny mpitantanana ny tanàna sy ny faritra. Teto Madagasikara dia nisy ny atao hoe « club des 48 » tsy mbola fantatra mazava ny mpikambana tao. Any Frantsa kosa dia misy ny atao hoe " le siècle" izay iarahan' olona ambony avy amin'ny sehatra samihafa sy avy amin'ny antoko samihafa na dia tsy mitovy firehan-kevitra pôlitika aza.: Jerôme Jaffré, Rachida Dati, Nicolas Sarkozy; any Etazonia no misy ny Fikambanana Bilderberg. Ny boky nosorantan' i Charles Wright Mills tamin'ny 1956 "The power elite" no namaritra ny fisian'izany vondrona miafina mitoetra eo ambon'ny fitondrana izany.

***Fetra Ramamonjy***

HABIBIAN'NY DAHALO

## Niampatrampatra ny faty tany Ikalamavony

Habibiana tanteraka no niseho tao amin'ny fokontany antsoina hoe Sakay, any anivon'ny distrikan'Ikalamavony. Izany dia mbola ny dahalo hatrany no tompon'antoka. Nanao ny asa ratsiny toy ny mahazatra ireo andian-dahalo izay an-jatony. Tsy fantatra ny isan'ny omby very saingy, raha nanohitra ny olona sasany tao an-tanàna dia nitranga tamin'izay ny herisetra sy ny heloka bevava isankarazany. Tsy nisalasala nampiasa ny basy teny aminy ny dahalo ary nitifitra variraraka, niampatrampatra ny faty tao an-tanàna noho izany. Raha ny fanampim-baovao azo dia miisa 7 ireo olona lavo nandritra ity fanafihana mahery vaika ity. Niady irery ireo olona ary rehefa tsy naharesy tosika mihitsy ireo mpifanandrina taminy dia nitsoaka niala teo amin'ny tanàna tao anatin'ny haizim-pito. Tsy nijanona teo ny herisetra nanjo ireo mponina, satria mbo- la nodoran'ny dahalo indray koa ny trano maro tao Sakay. Horohoro ta-nteraka toy izany no niainan'ny olona ny alina. Tao ny namoy fianakaviana, ny very fananana ary koa ny tsy misy trano hivantanana intsony. Iza-ny no iainan'ny olona any ambanivolo isan'andro sy isan'alina.



***Ny Valosoa***

Tanànan'i Toamasina

## Nahazo bloc commercial vaovao

Notokanana ny zoma teo tao Toamasina ny Bloc Commercial, manome endrika ny tanàna. Herimpon'ny fiadidiana ny tanànan'i Toamasina araka ny nambaran'ny ben'ny tanàna Elysée Ratsiraka." Asa vadi-drano ny fampandrosoana ka tsy vita raha tsy hifanampiana , mariky ny fampandrosoana ifotony izao ka tsy misy ny maha ratsy azy , ny zavadehibe dia ny fisian'ireo mpiaramiombon'antoka sy ny fiaraha-miasa amin'ireo matihanina amin'ny fanorenana ary ny mpivarotra sy ny vahoaka izay hampiasa azy. Raha izao no mitohy dia hiverina amin' ny lazany indray ny Tsenan'ny Bazary kely ry lahy e!" hoy izy nandritra ny lahateny nanolorana ny tse-na. Tsy hijanona eo izany fa efa voavinavina sahady koa ny hanamboarana ny tsena amin'ny faritra sasany toa an'Ambolomadinika sy Valpinson ary ny eny amoron-dranomasina. Fa napetraka tamin'io Zoma io koa ny vatofototr'ilay toerana manokana hatao Centre Commercial eo ankilan'ity notokanana ity. Ankoatra ireo dia fantatra fa efa manomboka mitondra vahaolana ho an'ireo mpiasa an-tselika eo amin'ny kaominina ambonivohitra ny tompon'andraikitra momba ny karama sy ny fampidirana azy ireo ho mpiasa raikitra. Betsaka ny eza-ka efa vita fa mbola misy koa ny mila hovitaina, nanome toky fa hanao izay tratrany ny ben'ny tanà-na.



*Ny Bloc Commercial vaovao any Toamasina.*

***Fanja Aina***

CHRR Antsirabe - Hopitalin-jaza

## Nohavaozina tanteraka ny loko anatiny sy ivelany

Niova endrika tanteraka ny Hopitalin-jazakely na ny« pédiatrie » ao amin'ny hopitaly Atsimo na ny CHRR Antsirabe amin' izao fotoana. Nisy ny fiarahamiasa tamin'ny fikambanana « Mission Roumaine » tamin'ny alalan'ny « Joy for Mada », ka izy ireo no niantoka tanteraka ny fanavaozana sy ny fandokoana ivelany sy anatiny ny hopitaly. Amin'ny maha hopitalinjaza azy dia nezahina nasiana kisarisary mahafinaritra sy manintona ny mason'ny zaza izay tsaboina ao aminy izany, mba hampifaly ireo zaza marary. Ankoatr'izany nasiana ireny «rampe» ireny mba hahafahana mitondra ireo marary amin'ny «brancard » ihany koa eny an-toerana. Kojakoja ara-informatika sy fitaovana fampiasa eny amin'ny hopitaly kosa no natolotry ny fikambanana MMMS « Miara-mientana manampy ny sahirana » fiaraha-miasa miaraka amin'ny malala-tanana: Mme Garzotto. Ny tolakandro teo no natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny fahavitan'ny asa sy ny fanolorana ireo fitaovana hampia- sain'ny mpandraharaha ao an-toerana. Tonga nitarika sy nanome voninahitra izao fotoana izao Ramatoa Prefet-n' Antsirabe ANDRITOMPONERA Voa- hangiharimino sady filohan'ny filankevi-pitantanana ao amin' ny CHRR Antsirabe. Velom-pisaorana ireto malala-tanana ireto ny lehiben'ny hopitaly Docteur Anja Narindra Tatiana, satria zava-dehibe ho an'ny hopitaly ny fahazoana izao fotodrafitr'asa sy fitaovana izao. Teo am-pamaranana dia notoloran'ny hopitaly mari-pankasitrahana ireo malala-tanana nanome izao fotodrafitrasa sy fitaovana izao.

***Solohery***

Fanatanjahantena

## Nanomboka ny Tournoi ASIEF Toamasina

Tontosa ny sabotsy maraina teo tao amin'ny Piscine Olympique CRJS Toamasina ny fanokafana ofisialy ny lalao ara-panatanjahantena eo anivon'ny mpiasampanjakana, izay fanatanjahantena fitaizambatana, tafiditra anaty programan'ny ASIEF na ny Associaton Sportive Inter- Ministerielle pour l'Entretien des Fonctionnaires. Nosantarina tamin'ny matso nataon'ireo mpandray anjara, narahan'ny fianianan'ireo mpitsara ankilany, sy ireo mpilalao andaniny, fa hanaraka tsara ny fepetra misy. Ny 07 jolay no hanomboka ny fihaonana ka ny baolina kitra sy ny basket, tsipy kanetibe ary ny atletisma no hisy amin' izany, sampandraharaham-panjakana 19 no mandray anjara. Fa manomboka ny 26 septambra kosa ny fifaninanana nasionaly hatao eto Toamasina. Tsiahivina fa mitarika ny antenne regio- nal ny ASIEF, ny foibem-paritra miahy ny tanora sy ny fanatanjahantena, secretariat general ny fonction publique ary ny trésorerie, ny finance et budget, tohanan'ny faritra sy ny préfecture.



*Ny fanokafana ny lalao ara-panatanjahantenan'ny ASIEF tany Toamasina.*

***Fanja Aina***

Tokantrano nahazo fiarovana

## Noraisim-potsiny teo an-tokotany ilay jiolahy

***Ela ny ela fa tra-tehaka noraisim-potsiny teo an-tokontany ity jiolahy efa nikoizan'ny olona manodidina. Efa zatra mpanao asa ratsy mantsy izy io satria sady manendaka no mamono mihitsy aza. Efa nisy fotoana saika nahatrarana azy fa votsotra foana. Betsaka ny niandry azy fa afaka foana ilay jiolahy.***

Ity tokantrano iray ity dia efa in-telo no nisy nanafika foana tao an-tsenany ary lasibatra hatrany ny entana sy ny vola. Tonga saina ilay fianakaviana ka tsy maintsy nitady hevitra satria fantany tsara fa raha toa ka nisy jiolahy hahavita manafika sy mandroba tsy tratra, dia mampiasa zavatra hafa ihany koa izy izay. Io indrindra no nahatonga ity tokantrano ity nanatona an'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo. Azo antso tamin'ny finday moa ity mpitsabo malaza ity dia nihaona izy telo mianaka.

**Fiarovana mahery vaika no nampiasain'ilay tokantrano**

Vao nihaona izy telo mianaka dia nambaran'ilay ramatoa ny nahazo azy mianakavy tao anatin'ny taona maromaro. Izao no izy tamin'ilay mpitsabo, ataovy izay hifanarahana fa izahay mila mahazo, na tratra am-bodiomby izay tena mpanao ratsy sy mandroba eto aminay eto. Fantatray mantsy ianao fa malaza amin'ny fikarakarana olona manana olana mitovitovy amin'izany hoy ilay ramatoa. Eny àry hoy i Madame Noelah taminy fa hokarakaraiko ianareo. Nomen'ity mpitsabao ity fanefitra izy mivady. Ilay toromarika omeko anareo hoy izy dia aza misy adino fa ho hitanareo ny vokany. Ny vola anefa fitady hoy izy, fa fantatrareo ihany ny atao rehefa azonareo ny soa. Nody izy mivady ary notanterahina izay voalazan'ilay mpitsabo. Ny ampitso alina ihany raha vao nikasa ny handroba tao aminy ity jiolahy efa nikoizana dia tratra ambodiomby teo. Tsy afaka nihetsika teo izy fa nihodinkodina fotsiny teo ary tratra andro maraina. Novoriana ny fokonolona ka teo vao fantatra fa efa asa fanaony hatramin'izay hono io, ary efa nisy fotoana aza hono nigadra izy fa vao afaka dia nanohy ny asany indray. Saika novonoin'ny olona izy hoy ilay tompon-trano fa nosakanany satria efa nilavo lefona sy nifompona fa tsy hanao intsony satria sendra ny nahay noho izy.

***Ny Akama***

## Taratasin'ny mpamaky

Hetaheta ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy sy ireo mety hiantefany. Nitokana sekoly ny filoha Hery Rajaonarimampianina teny Ambohimalaza ary niteny hoe"ampandefero ny hambomponareo mpampianatra"! Fantatrao tsara andriamatoa Filoha ny olan'ny mpanabe,90 Ar no tambin'ny hofantrano omen'ny fanjakana azy, 200 Ar no volan-jaza ho an'ny zanany, tsy hitanisa afa-tsy ireo aho!Nahoana Mr le Président raha mba hahena ny vola omena ireo mpanolotsaina marobe ao an-dapanao ireo? Nahoana raha ahena ny vola omena an'ireo député izay manodidina ny 4 tapitrisa isam-bolana? Nahoana raha tsy nasiana ireny Paon d'or ireny satria 19.750.000.000 milliards de francs malagasy iny, nahoana raha hahena ny tombontsoan'ny minisitra mikarama hatr@ ny 4 ka hatr@ dimy tapitrisa isam-bolana, ny conseils techniques ny minisitra sasany mikarama 3 tapitrisa mahery isambolana!Ny ministera sasany olona BEPC no mari-pahaizana nandraisana azy kanefa be karama noho ny olona manana maîtrise na master aty @ fanabeazana!Ampandeferana ve ny hambompo ry mpanabe namana?any Ankazoabo any zao ny mpitondra sy lehibe ao @ fampianarana dia amporisihanareo hanao fampihorohoroana ny mpampianatra mitaky ny zony, lazaina fa ho gadraina hono raha mbola manohy mitolona! ampandeferina ve ny hambompo?@ alakamisy dia re fa handefa mpampihorohoro sy mpamono afo manerana ny Cisco ny MEN, hanery ny mpampianatra hiasa hono!avela ho avy zay ho avy hoy ilay hira iray izay, ary hoy zoky DEDESSE hoe: "nareo mitady fanjanahana fa ny aty mitady FAHAFAHANA", Tsy misy miala eo raha tsy mivaly ny fangatahanay, hamaky ady amintsika mpampianatra ry zareo manomboka @ alakamisy ka samia misikina sy miomana ry mpampianatra namana fa mitsapa ny herintsika ny mpitondra!Ho antsika SEMPAMA NOSY DISTRIKA ANTANIFOTSY,VAKINAKARATRA, assemblée gle isika ny alakamisy 28 juin 2018, miomàna sy mivonona daholo satria mety hisy ireo mercenaire halefa hamono afo, fahavalon'ny tolona zay mitsikombakomba @ io tetikin'ny MEN io. Tsy mandray baiko afa-tsy ny Sendika isika rehetra! masina ny fanabeazana, ny firaisankina no hery!

***Miarintsoa Sedra Tolisoa***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**30/06/18 hatramin'ny 06/07/18**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:** Isambilo: 033 24 783 65, Rajo: 033 80 022 53, Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :** Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:** Aris: 034 17 460 53, Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:** Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:** Kalasoa: 033 16 153 91, Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 783-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**BORIBORITANY FAHA-IV (CUA)**

# Misy ny fandaminana vaovao ho an'ireo mpivarotra



Mba ho fanatsarana sy fitaizana an'ireo mpivarotra ary fanadiovana ny tsenan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia hisy ny fomba fiasa vaovao izay hanomboka tsy ho ela. Ara-ka izany dia nampiantso ny Delegen'ny mpivarotra rehetra tetsy Mahamasina isaky ny Alaka- misy , izay miisa 60 ny avy ao amin'ny CUA ny herinandro teo, izay notarihan'ny Delegen'ny Boriboritany faha-IV, Ramahandrimanana Solofo sy ny Mpanolotsaina ny Ben'ny Ta-nàna Lalao Ravalomanana ary ireo Tale isan-tsokajiny; izany dia notontosaina tetsy amin' ny "salle de Mariage" ny boriboritany faha-IV Anosy. Ny votoaton'ny fihaonana dia fanentanana ireo Delegen'ny mpivarotra isan-kerinandro na isaky ny tsena Alakamisy eo Mahamasina, mba hanentana ireo mpivarotra rehetra isaky ny "secteur" misy azy avy:

-Mba handoa ny "ticket" ivarotany isan'andro ary tsy maintsy mahazo tapakila fa rehefa tsy misy "ticket " dia tsy mahazo mivarotra.

-Mila tehirizina tsara ny tapakila nandoavana vola fa misy ny mpisava izany ary izay tratra tsy mandoa dia voasazy ma-doa in- 5 avo heny.

-Arakaraka ny toerana hipetrahana no vola aloha ka ny toerana iray dia mirefy 1 metatra sy 50.

-Hametraka kiosque na "guichet" vaovao fandoavana vola sy hangalana ny tapakila isaky ny tsena ny kaominina.

- Tsy azo ato ny mivarotra ladina an-tany fa tsy maintsy mampiasa latabatra 70 cm miala amin'ny tany, indrindra indrindra ny mpivarotra sakafo.

***Aly***

Kaompania Tsaradia

# Nandeha omaly ny sidina voalohany

Ao anatin'ny fanatsarana sy ny fanarenana ny kaompaniam-pitaterana an'habakabaka Air Madagascar, nandeha nanomboka omaly ny sidina voalohany ho an'ny kaompania Tsaradia, izay zanaky ny orinasa Air Madagasikara ihany, saingy hisahana ny zotram-pitaterana anatiny rehetra eto amintsika. Orinasa vaovao fananan'ny Air Mad 100% ity orinasa ity, saingy ny fanatsarana ny fomba fiasa no nananganana azy. Anisan'ny nampiato ny sidina anatiny maro teto amintsika dia noho ny fatiantoka tamin'ireny zotra anatiny ireny, satria tsy nahaleo ny sarany ny vidiny, izany hoe vitsy mpandeha ka voatery tsy maintsy najanona, ka asa amin'izao hisahanan'ny orinasa Tsaradia azy ireny izao, na hahazoan'ny orinasa tombony ihany izany na tsia.

***Aly***

Rio Tinto/QMM

# Mbola tsy milamina ny ady tany amin'ny mponina manodidina

Mbola tsy milamina hatramin'izao ny olana ady tany eo amin'ny orinasa Rio-Tinto/QMM any Faradofay sy ireo mponina manodidina izany orinasa izany. Olona 04 mpitarika grevy ao aminr'ny lalana mankany Mandena toerana misy ny mpiasan'ny Qmm indraay no nampidirina am-ponja ny herinandro teo. Fanagadrana mivantana tsy nandalo fitsarana. Voabaikon'ny Qmm ny zandary. Ny orinasa Qmm manao toy ny gisalahy human-ketsa hoy ny any an-toerana, izy manao ny tsy mety indray no avo vava. Tsy azo ekena ny fanaparam-pahefana amin'ny vahoaka madinika mitaky ny zony toy izao hoy ny maro an'isa ao amin'ny renivohitry ny faritra Anôsy. Ankoatra izany, filaharambe roa samihafa no nisy ihany koa tany Faradofay, ny voalohany ireo mpitaky ny zony amin'ny orinasa Qmm, vidina tany mbola tsy voaefa. Ny faharoa ny antsoina hoe contractant ny Qmm, milaza fa very tombotsoa. Samy mandeha samy mitady. Azo lazaina ho rombo be ao Faradofay nanomboka ny herinandro teo.

***Mangaraharaha***




***Ny sasany amin'ireo olona mitaky ny zony amin'ny orinasa QMM any Faradofay.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 242**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0241)

***Mitsivalana***

- Mahantra
- Sola (Miv) – Sa
- Heniheny
- Manonofy (Miv)
- Ta – Aba
- Amy – RM
- Ino – Ora

***Mitsangana***

- Mahitsy
- Alefa
- Hono – Ao
- Manisa (Miv)
- Hobio
- Tsena
- Rana – Rà
- Mamy (Miv)

## TENY MIFANARAKA **N° 242**

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | ■ | |
| 2 | | ■ | | | ■ | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | ■ | |
| 4 | | | | | | ■ | | ■ | | |
| 5 | | | | | | | | | | ■ |
| 6 | | | | ■ | | ■ | | | | |
| 7 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 8 | ■ | | ■ | | | | ■ | | | |
| 9 | | | | | ■ | | | | | |
| 10 | | | | | | ■ | | | ■ | |

**Mitsivalana**

**1.** Avona **2.** Ao anaty rano – Ambarao **3.** Tompo Tsitoha **4.** Andro maizina – Mpampiray **5.** Tsy sahy niseho, kanosa **6.** Marika (Miv) – Lapan'ny Mpanjaka **7.** Tsy marina (BL) – Tsofoka **8.** Kivy, tsy sahy intsony – Eka **9.** Jamoka – Toetra ratsy (Miv) **10.** Ilaina – Mpanondro toerana

**Mitsangana**

**A.** Taranaka fiavianay – Marina (Miv) **B.** Esory – Aminy **D.** Maneho fofona tsara – Oroka **E.** Zava-maitso maniry – Ao anaty vava (Miv) **F.** Hakelezina **G.** Taraiky – Fia **H.** Fototenin'ny fanaratana – Mikoriana ao anaty **I.** Milaza fananana – Sakafo – Toerana **J.** Fitaovana enti-manadio **K.** Tonga ara-dalàna – Varotana

### Valiny Teny mifanaraka 0241

**Mitsivalana**

1 Mpamosavy 2. (F)iar(a) - Fia (Miv)- As 3. Fitondrana 4. Saka (Miv) - Aina 5. Nanao - Kere 6. Karem(y) 7. Rainay - Eo 8. Ampy - Toj(o) 9. Kamo - Aminy 10. Ma (Miv) - Vay - Fay


**Mitsangana**

A. Mifanaraka B. Gaika - Mama (Miv) D. Mpianatra (Miv) E. Osa - Niov(a) F. Nao (Miv) G. Sida - Kitay H. Afrika - OM I. Fijerena (Miv) J. Ianareo K. Sa - EM - VII

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny ministra Guy Rivo ary ireo Parlemantera TIM, tetsy amin'ny Hopitaly HJRA, nijery ireo niharan'ny lozam-pifamoivoizana tany Arivonimamo.










Maro hatrany ireo vahoaka miatrika ny tolona etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely.





Ilay kamiao mpitatitra olona nivarina tany anaty rano, tany Andranomena Arivonimamo ny alahady teo.



